WIKIPEDIA

Amerika Atsimo

I **Amerika Atsimo** dia kontinenta na zana-kontinenta sady ampahany atsimo amin'i Amerika. Ao amin'ny ila-bolantany andrefana tanteraka, ary indrindra ao amin'ny ila-bolantany atsimo no miosy azy. Ny Oseana Pasifika no mamaritra azy ao andrefana, ny Oseana Atlantika no ao avarany sy ao atsinanany. I Amerika Afovoany, izay mampitohy azy amin'i Amerika Avaratra, sy ireo nosy Karaiba dia ao avaratra-andrefany. Ny fiteny portogey sy ny fiteny espaniola no fitenin'ny olona maro indrindra ao Amerika Atsimo.

Sarin'ny bolantany maneho ny toerana misy an'i Amerika Atsimo

Manana velaran-tany mirefy 17 840 000 km^2 i Amerika Atsimo, ka 11,9%n'ny velaran-tany tsy rakotry ny ranomasina eto amn'ny Tany izany. Tamin'ny taona 2015 dia nisy mponina miisa 410 tapitrisa, izay atao hoe *Amerika Tatsimo*, ny ao Amerika Atsimo. Kontinenta fahaefatra i Amerika Atsimo raha ny velaran-tany no heverina, ka i Azia sy i Afrika ary i Amerika Avaratra no eo alohany. Laharana fahadimy izy amin'ny isan'ny mponina ka i Azia sy i Afrika sy i Eoropa ary i Amerika Avaratra no eo alohany.

Misy firenena mahaleo tena miisa 12 ny ao Amerika Avaratra, dia i Arjentina, i Bolivia, i Brezila, i Silý, i Kolombia, i Ekoadora, i Goiana, i Paragoay, i Però, i Sorinama, i Orogoay ary i Venezoela. Misy faritanim-pirenana hafa koa ao toa ireo nosy Maloina (Fanjakana Mitambatra) sy i Goiana Frantsay ary i Jeorjia sy ireo Nosy Sandwich (Fanjakana Mitambatra).

Jereo koa

Ireo kontinenta

- Afrika
- Azia
- Eorôpa
- Eorazia
- Amerika
- Amerika Avaratra
- Amerika Atsimo
- Antarktika
- Ôseania

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Amerika_Atsimo&oldid=979945"

Voaova farany tamin'ny 19 Janoary 2020 amin'ny 20:23 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.